Fifidianana filohampirenena 3
**Tafakatra 28 ireo kandidà nanatitra dosie tao amin'ny HCC**

Mpitatitra tamin'ny Lalaon'ny Nosy 3
**Misy tsy voaloan'ny mpikarakara indray ny volany**


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 7 septambra 2023 Laharana 1470 Vidiny : 600 Ar


Filaharan'ireo kandidà 2
**Ny 11 septambra ho avy izao ny antsapaka hoy ny CENI**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Miala Rajoelina 3
# Mampahantra vahoaka sy managisitra firenena

# J - 2

Fiarahana amin'ny Filoha Ravalomanana 2
# Tsimialonjafy, ho an'ny rehetra tsy ankanavaka ny KMMR



Imerintsiatosika. Filoha Ravalomanana 2
# Omen-danja koa ny kolontsaina sy ny fomba nentim-paharazana



Andro faramparany 2
# Mioty ny paiso an-kady ny mpitandro filaminana



**Fanahiana korontana** 7
Nasaina nody nialoha ny mpiasan' ny Banky Iraisam-pirenena

**Fiarabe nandona bisikileta** 6
Sahirana ireo mpandeha tsy afa-nihetsika efa ho 3 andro toy ilay fiara

**Daka kely**
Coco vida izany coco beton izany ry Boaikely a !

IMERINTSIATOSIKA. FILOHA RAVALOMANANA

# Omen-danja koa ny kolontsaina sy ny fomba nentim-paharazana

Nihaona sy nitafa mivantana tamin'ny vahoaka tany Talata Volonondry Antananarivo Avaradrano, sy tany Imerintsiatosika distrikan'Arivonimamo omaly sy afak'omaly ny filoha Marc Ravalo- manana, filoha nasionalin'ny antoko TIM. Toy ny fanaony dia tany antsena, no nisy izay fihaonana teo amin'ny tia sy ny manina izay. Nambarany tamin'izany fa : "amin'ny maha FIRENENA IRAY an' i MADAGASIKARA, dia homentsika lanja manokana ny fananantsika KOLONTSAINA sy FOMBA NENTI-PAHARAZANA maro samihafa. Hirehareha amin'ny maha Malagasy antsika isika. Hitambatra ho iray ao anatin'ny firaisakinam-pirenena, ary hiasa miaraka mba hanatrarana ny tanjona apetraka." Ny talata teo, tany Talata Volonondry, nilaza ny filoha Marc Ravalomanana fa : " tsy maintsy atao izay hanampiana anareo TANTSAHA REHETRA manerana an'i Madagasikara, amin'ny fanamorana ny fahazoana ny ZEZIKA, ny MASOMBOLY, ny fanarenana sy fanamboarana LAKAN-DRANO izay manondraka ny tanimbary sy ny tanimboly, satria izany rehetra izany no miantoka ny FAMOKARANA ho an'i Madagasikara. Rehefa manana VOKATRA manana KALITAO ny MALAGASY dia tanteraka ireo VISION na vina ao amin'ny MAP PLUS dia ireto avy izany: ho lasa FIRENENA MIROBOROBO i MADAGASIKARA ; hanana TOEKARENA misondrotra haingana i MADAGASIKARA ; hahita FAHOMBIAZANA amin'ny FIFANINANANA eo anivon'ny TSENA IRAISAM-PIRENENA i MADAGASIKARA."



*Ny filoha Marc Ravalomanana tany Imerintsiatosika omaly.*

**Isambilo**

Fiarahana amin'ny Filoha Ravalomanana

# Tsimialonjafy, ho an'ny rehetra tsy ankanavaka ny KMMR

Mandeha ny fananganana KMMR : Komity Manohana ny Filoha Marc Ravalomanana, amin'izao fotoana izao manerana ny Nosy. Tsy ho vitan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) irery ny ho fampandaniana ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana ho avy io, izay no mahatonga indray ny fanangananana ny KMMR, vovonana hivondronan 'ireo resy lahatra rehetra amin'ny filoha nasionalin'ny TIM, fa hany tokana tena ho afaka hanavotra ny firenena sy ny vahoaka Malagasy amin'izao krizy lalina mahazo azy izao. Ny KMMR dia tsy ny TIM ihany no ao anatiny, fa ao koa ireo fikambanana sy antoko politika hafa, ny avy amin'ny fiarahamonim-pirenena, eny hatramin'ny olon-tsotra tsy ankanavaka, afaka miditra ao anatin'izany. Manatanteraka ny fampijoroana azy manerana ny Nosy ankehitriny, ireo olom-boafidy TIM : depiote, ben'ny tanàna, mpanolotsainan'ny kaominina, ny Reg-TIM, ny Dis-TIM, ny Com-TIM, sy ny olona rehetra ivelan'ny rafitra TIM, tsimialonjafy misokatra amin'ny rehetra ny rafitra KMMR. Teny filamatra ao anatiny ny hoe : sahia manarina, raiso ny andraikitra, miomàna hifidy. Nambaran'ireo mpitarika fa : sahia manarina satria potika ny firenena, mahantra ny vahoaka Malagasy, fotoana izao hanangananana. Raiso ny andraikitra satria hanangana firenena vanona. Atomboka amin'ny fanarahamaso ny zotram-pifidianana manontolo izany. Miomàna hifidy ny 9 novambra 2023, entano ny olom-pirenena rehetra hifidy, hoy ihany ny KMMR.



*Ny Filoha Marc Ravalomanana, efa manana traikefa amin'ny fitantanam-pirenena.*

**Isambilo**

Filaharan'ireo kandidà

# Ny 11 septambra ho avy izao ny antsapaka hoy ny CENI



*Ny filohan'ny CENI, Dama Andrianarisedo.*

Hatramin'izao dia tapakevitra amin'ny fanatanterahana ny fifidianana filohampirenena hatao eto amintsika ny CENI, na ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana. Henatra ho azy ireo tokoa ny tsy hahatanteraka io fifidianana io noho ny antony samy hafa, ka hita ho miezaka sy mandresy lahatra ny rehetra izy ireo ny hahatomombana sy ho ao anatin'ny mangarahara io fifidianana ho filohan'ny Repoblika vaovao io, hitondra antsika indray mandritra ny 5 taona ho avy. Araka ny nambaran'ny filohan'ity vaomieram-pirenena ity, Dama Andrianarisedo, ny 11 septambra ho avy izao no hatao ny antsapaka hamantarana ny filaharan' ireo kandidà ho filohampirenena anaty biletà tokana. Ho tanterahina amin'io andron'ny alatsinainy io ihany koa, ny fanaovana antsapaka ny filaharan'ireo kandidà hivahiny amin'ny haino aman-jery nasionaly : ao amin'ny Radio Madagasikara, sy ao amin'ny Televiziona Malagasy (TVM).

**Niaina**

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Andro faramparany

## Mioty ny paiso an-kady ny mpitandro filaminana

Mioty ny paiso an-kady faramparany ny mpitandro filaminana amin'izao andro faramparany itondran'ny filoha Andry Rajoelina izao dia milaza fa manohana ny fitondrana amin'ny filazana fa manohitra fanakorontanana. Tsy andraikitry ny zandary anefa no manao fanambarana nilaza izany, fa efa akaiky ny farany dia mitady ny andray ny tambin-karama amin'ny fiarovana ny filaminana izay izy ireo. Misy ny lalàna mamaritra ny fitandroana ny filaminana iarahan'ny mpitandro filaminana : miaramila, zandary ary polisy ary tsy ny zandary velively no tokony hitarika izany. Misy lalàna mamaritra an'io, dia ny loi 84-056 navaozina tamin'ny 2001. Voalaza, fa ny Praiministra, ny chef ny Faritany, na koa ny gouverneur (tranga fanavaozana 2001) no lehibehin' ny OMC, arakaraky ny rafitra (Nasionaly, Faritany, Région, Commune). Azo itarina izany, amin'ny sehatra hafa (secteur), arakaraka ny toe-draharaha ilaina fandaminana ny tany (OMC élargi). Ny loi 84-056 dia vokatry ny tsy fananantsika "Concept de défense" mazava, ka nahatonga an'i Président Ratsiraka namoaka an'io, izay nalain-tahaka tamin'ny "concept de défense et de sécurité intérieure" tany France tamin'ny fotoanandro, mba hahafahana mampihetsika ny hery (Forces) hiaro ny Fanjakana sy hanao ny M.O (Maintien de l'Ordre) fa tsy ROP (mila réquisition speciale), ka hampidirana ny Tafika hanao Maintien de l'Ordre (M.O), manoloana ny tsy fahampian'isa ny Polisy sy zandary ihany koa. Noho izany, ny Lehiben'ny faritra, arakarakany, no manangana sy mampiantso ny membre ny OMC, ka ny OMC no mamolavola, mamaritra ny stratégie de sécurité apetraka manoloana ny Contexte misy eo amin'ny faritra, ahitana insécurité publique, tsindrina fa "Insécurité publique", avy amin'ny mety ho antony samy hafa. Ka ny EMMO, izay ivondronan'ny commandement des forces de défense et de sécurité (FDS) no manao ny "conception opérationnelle, voir Tactique" entina mamadika ho asa sy fihetsika aramiaramila sur terrain ny directive ny OMC, amin'ny maha "forces exécutoires" azy. Fehiny : ny voasoratra ary averina eto indray, fa ny Police Nationale no Leader ny EMMO, fa tsy ny zandary. Ary tsy tokony ho ny zandary no hitady vola sy indemité any amin'ny fanjakana hanaovana ny opération, fa ny Leader (Police nationale) no miandraikitra an'izany. Koa tsy mandeha tsy vohizina sahala amin'ny lakanjejo ny EMMO, fa mivoaka avy (découle) amin'ny OMC ny "directive initiale, D.I." hamaritra ny asan'izy ireo. Ny mangataka ICP (Instruction Complémentaire Particulière), ao amin'ny Président ny OMC no ataon'ny Forces na ny mpitandro filaminana. Tsy asan'izy ireo noho izany ny manao fanambarana mialoha, tahak'izao nitranga androvitsivitsy izao, fa asan'ny lehiben'ny OMC. Fa toa andro farany tokoa ve izao? ka mora ny mahazo izay kely sisa misy rehefa matahotra ny Fanjakana. Noho izany, karazan'ny famoronana ny hoe hisy korontana na spéculation no nataon'ny jeneraly Rakotondrazaka , mifandraika amin'ny zava-mitranga any Gabon, miseho ho mahafanta-javatra izy sy ny namany manoloana ny Fiadidiana ny Repoblika, ka ny ho tambin'izany dia ny fitandroana filaminana hahazoana tambiny hanaovana ny asa.
Mahatsapa ny Zandary fa mila azy sy sahirana ny fanjakana ka manao an'io izy ireo, efa andro faramparany izao. Efa ho lany ihany tokoa ny paiso ankady hoy ny fitenenana izay !

**Ny Valosoa**


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Olivia R.**

Ny Valosoa sy hadihady

## Miala Rajoelina
# Mampahantra vahoaka, sy managisitra firenena

Tapitra omaly 06 septambra 2023 tamin'ny 6 ora hariva ny fandrotsahana ny antontan-taratsy firotsahana ho kandidà Filoham-pirenena eto Madagasikara. Araka ny vaovao ofisialy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) dia roapolo (20) mahery ny kandidà efa nametraka izany omaly. Araka ny vaovao navoakan'ireo gazety an-tsoratra, na mpomba na tsy mpomba ny fitondrana, nivoaka omaly dia efa nanosika an-dRajoelina Andry Nirina hirotsaka ihany koa ny kongresin'ny antokony ny talata 05 septambra. Niantso vahoaka indray Rajoelina Andry Nirina sy ny mpomba azy teny amin'ny Palais des Sports. Ny hita teny amin'ny manodidina ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ankoatry ny teny anoloan'ny Lapan'ny Tanànan'Antananarivo sy teny Ambohijatovo, dia rakotra zandary sy miaramila. Nanambara izany fa nanatitra ny firotsahany tokoa Rajoelina Andry Nirina, kanefa tsy mbola teny Ambohidahy izy tamin'ny fotoana nanoratana, rah any vaovao farany dia olona hafa no nanatitra ny dosie-ny teny Ambohidahy. Tsy izany no olana fa matoa izy sahy dia nisy nanao sonia ilay taratasy manambara ny maha gasy (certificat de nationalité) azy. Raha ny tranga hita sy voamarika dia azo heverina fa ny minisitry ny Fitsarana no nanao izany, satria dia nampitomboina izay tsy izy ny mpiambina azy. Raha izay tokoa ny zava-misy dia mampanontany tena fa toa ireo loharano nipoirana ao amin'ny fitondrana ao no tena tsy mihevitra ny ho avin'ireo taranany sy minia mikimpy eo anoloan'ireo zoky ray aman-dreny namoy ny ainy (Jiny, Menalamba, VVS, sns,…) noho ny ady natrehin'izy ireo ho an'ny fahaleovantena, no hamela ny Firenena ho entin'ny vazaha frantsay mpanjanaka indray. Tsy maintsy ho ao an-tsaina mandrakariva anefa fa efa nanao Antso avo ny eo anivon'ny Fivondronan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara (FFKM) ny tsy maintsy hanaovana fikaonandohan'ny Malagasy hialàna amin' ny mety ady an-trano sy fifamonoan'ny mpiray tanindrazana noho ny resaka fifidianana. Heloka eo anatrehan'ny Firenena sy ny Malagasy iray manontolo ny fanomezana izany taratasy maha Malagasy izany, izay midika ho famadihana tanindrazana ihany koa, ka mba manohy ny fanambaran'ny FFKM ary manao hoe araka ny Soratra Masina: "Andriamanitra mamaly ny heloky ny ray amin'ny zanaka sy ny taranaka arivo mandimby." Na izany na tsy izany tsy azo hadinoina fa ny tena tia tanindrazana manohitra ihany koa, amin'ny heriny rehetra, ny hitantanan'ny olon'ny nanjanaka ny Firenena Malagasy, nandritra ny enimpolo taona mahery, dia hijoro tsy hanan-tahotra ka hanapotika izany fikasan-dratsy izany. Mbola ho fahotàna mahafaty hataon-dRajoelina Andry Nirina ihany koa raha hanao tsindry amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izy, mba handray ny antontan-taratasiny satria tsy tambo isaina intsony ny fanitsakitsahana lalàna ataony. Soa ihany fa 2 andro: J- 2 sisa dia hiala ity filoha mampahantra vahoaka sy managisitra firenena ity, satria tena faraidiny ny vahoaka ankehitriny ary mitana ny rambony maneran-tany ny firenena Malagasy, noho ny tsy fahaiza-mitantan'ny fitondrana Rajoelina ity. Ankoatra izany, loza mitatao eo ambony lohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana sy ho an'ny Firenena raha manambara ity andrim-panjakana ity, fa "azo raisina sady mitombona" ny firotsahan-dRajoelina Andry Nirina. Raha izay no toe-draharaha dia ny 09 septambra 2023 no tsy maintsy hametra-pialàna amin'ny maha filohan'ny Repoblika azy Rajoelina Andry Nirina, koa satria olom-pirenena frantsay tsotra izy no mipetraka eto Madagasikara dia ara-dalàna raha tsy maintsy hangataka fahazoan-dàlana (visa) izy amin'izany. Fahotana mahafaty sady fanitsakitsahana ny Fiandrianampirenena ihany koa no hataon'ny foloalindahy raha mbola hiaro an-dRajoelina Andry Nirina toy ny teo aloha. Tsapa mantsy fa zary lasa "gardes indigènes" toy ireo sonegaly nahazo baiko tamin'ny mpanjanaka ireo zandary nandritra ny fitondrana Rajoelina Andry Nirina, tamin'ny tetezamita sy amin'izao fifaranan'ny fanjakany izao. Hoy ny Fahendrena Malagasy: "Ny hendry mody voky, fa ny adala manesika ihany".

***Andry Tsiavalona***

**Fifidianana filohampirenena**

# Tafakatra 28 ireo kandidà nanatitra dosie tao amin'ny HCC



*Ny nanatitra ny dosien'i Andry Rajoelina teny amin'ny HCC.*

Tafakatra 28 ireo kandidà nanatitra ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiany, tetsy amin'ny HCC : Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana omaly tolakandro. Kandidà filoham-pirenana faha-28 nanatitra ny taratasy filatsahan-kofidina i Betsy Andriamanolo Jean Bruno, tsy miankina. Tonga teny Ambohidahy ary nanatitra ny antontan-taratasy tao amin'ny Fitsarana avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) ny tenany omaly hariva. Mpiasam-panjakana misotro ronono ary tsy miankina amin'ny antoko politika izy. Tafapetraka ihany koa ny dosie ny firotsahan-kofidian'i Andry Rajoelina. Solontena iray, Michkael SOLOFONIAINA no nanatitra izany tetsy amin'ny HCC. Anisan'ny tonga teny Ambohidahy koa, ary vonona hifaninana amin' ny fifidianana amin'ny 9 novambra ny filohan'ny MTS, Roland Ratsiraka. Anisan'ny nanatitra teny koa Monja Roindefo, Raharovoatra Claude, James Franbklin Andrianirina. Ny fiafaran'ny herinandro izao no hilaza ireo tena ho voaray hifaninana ny HCC.

***Niaina***

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

## Mpitatitra tamin'ny Lalaon'ny Nosy Misy tsy voaloan'ny mpikarakara indray ny volany



**Arphine Rahelisoa Helisoa :** mpitatitra tamin'ny Lalaon'ny Nosy, nisy tsy voaloan'ny mpikarakara indray ny volany, volana carburants. Aloavy ny volan' olona aloha e ! Afabaraka teo ny firenena raha tsy niasa ireo.
**Maurille Rakoto :** tokony ny fitondrana tsy manjary ty no kihanintsika fa tsy ireo olona fitahiny. TENA MAFY ANIE NY MANJO IREO VOAFITAKA IREO E. ARAHO MASO FA MISY KAMARADY PAYES ANY HO ANY.
**Tiana Andriarinarivo :** izay lay efa nahiako.
**Anna Andriamamonjy :** soa aho fa tsy nampiasa tomobil tao.
**Serge Rakotonarivo :** adalana te hanao marché amin'ireo.
**Antonio Rasolofonirina :** any am Rija misy solika mirehitra mamaivay.
**Kino Bonoto :** efa maro tsika no kôpy hoe io zavatra hisy e ! Nareo nanome fiara koa dia nisahirana nanome, efa fantatrareo tsara fa gouvernement vendrana io mbola nanaiky nanome ihany nareo . Io zao ilany pà fotsn. Mis vola omena athlètes fa tsis vola omena prestataire. Tsis vola omena ao Ankatso fa mis vola téléphériques izay tsis ilavanazy . Za iskn mandalo reny vam reny dia ozy za oe (eeee mamplahelo efa ts ahazo vola reny zao ). Inona marin fa dia zay marin no niseho.
Prévisible b ilay situation e ! vu ny zavatra miseho amin'zao fa nareo no nanaiky hiara hiasa aminy dia courage ny omenay. Ny tena loza zao ireo mety nindrana vola tany amin banque nividianana vam, indrisy ts nahazo vola.
**Jean Jacques Ramanantsoa :** ninan'Iem izany é ! Ataovy ihany leisy! Fay ialahy izay.
**Lahy Nirina Lidowick :** sitrapo ny an'reo.
**Berthin Rakotoson :** ny Sicam anefa izay vazaha, tonga dia nomeny ny volany amin'ny resaka solika izay.
**Linda Rostat :** logique kosa e, izy samy frantsay , de hitovy amitsika, isika no adala, tongava saina ry malagasy.
**Rabel Naid :** te handatsa nefa ohatran tsy mety. Efa notenenina foana fa eee, ssss !
**Riana Sara :** aza mifandatsa fa mba miraisa hina e ! fotoanany izao.

*TONONKALO*

## TGV (Tsy Gasy fa Vazaha)

Hay Tsy Gasy fa Vazaha ity mikiry ny hibahana,
Na dia hita tsotr'izao fa tena rain'ny famitahana ?
Tamin'ny dimy taona lasa no voafitakao 'zahay,
F'izao dia lavinay tanteraka ny olon'ny frantsay !

Tsy misy intsony ny lalàna mbola ezahina amboamboarina
Hiarovana ny ratsy sy izay olona tsy marina.
Ampy izay ny fanjakana entin-jiolahy mpandroba,
Fa ny haren'ny firenena dia tsy ataonay varo-boba !

Ampy izay ny kolikoly izay fanaonareo vaventy,
Nosaronan-daingalainga na koa lokobe mirenty.
Tsy ho voafitaka intsony ireto gasy tonga saina,
Fa veloma Rainilainga , tena gasy no ilaina !

'Ndeha mitodika amin'ny tany nofinidinao ho ambony,
Fa ny gasy tena gasy dia tsy mila anao intsony.
Any indray ianao miketrika fanonganam-panjakana,
Raha mihevitra ho mahery sy ambonin'ny lalàna !

***TSIMIMALO (05-09-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, LW

Ny filoha Marc Ravalomanana tany Imerintsiatosika omaly.















Tafatsangana ny biraon'ny FOkTIM ao amin'ny fokontany Ampisasahanala ao Sambava Kaominina Urbaine faritra Sava.





## NY TENY FIAINANA

*"Koa niara-nalevina taminy tamin'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao."*
***Romana 6:4***

CAN 2023

# Barea hihaona amin'i Angola anio amin'ny 7 ora hariva malagasy

Amin'ny 7 ora hariva (ora malagasy) anio alakamisy 7 septambra 2023, ao amin'ny kianja « Stade National de Lubango – Angola », no hifanandrina eo amin'ny fifanintsanam-bondrona, andro faha-6 farany, ny Barea de Madagascar sy ny ekipam-pirenena Angolaise. Ireto avy ireo mpilalao nantsoin'i Coach Rôrô hiatrika an'ity lalao ity : Nina, Adrien Melvin, Allan, Nantenaina, Rajo, Jean Martin, Rado, Théodin, Tantely, Marco Ilaimaharitra, Rayan, Rojo, Lalaina, Tendry, Toky, Tiavina, Yvon, Loïc, Dorien, Arnauld, Fortun Safidy Titouan kapitenin'ny FC Nantes ary efa nilalao tao amin'ny Barea U23 sy i Ferron Gianni (US Torcy) izay efa tao anatin'ny ekipam-pirenena Malagasy niatrika ny « Jeux de la Francophonie » tamin'ny fotoanandrony.



*Barea septambra 2023.*

***Rainilita***

Coupe du monde de rugby à XV 2023

# Hanomboka rahampitso zoma any France

Ny ekipam-pirenen'i Frantsa sy Nouvelle-Zélande, no hanokatra ny fifaninanana fiadiana ny ho tompondaka eran-tany amin'ny Rugby à XV 2023 andiany faha-10, rahampitso zoma 8 septambra 2023 hanomboka amin'ny 01 ora sy 45 minitra frantsay. Ny 8 septambra ka hatramin'ny sabotsy 28 oktobra 2023 ho avy izao no hanatanterahana ity hetsika ity any France, ka ny « World Rugby » no mpikarakara azy. Marihana fa isaky ny 4 taona hatramin'ny taona 1997 no hanatanterahana an'ity fi- faninanana ity, ka fandroany izao no handraisan'i Frantsa azy (2007, 2023) ary hisongadinan'ny fandraisana anjara voalohan'ny ekipam-pirenen'i Chili firenena faha-3 avy any Amerika Atsimo handray anjara. Firenena 19 nosokajiana ao anaty vondrona miisa 4 no handray anjara : Poule A : France, Italie, Namibie, Nouvelle-Zélande. Poule B : Afrique du Sud, Ecosse, Irlande, Roumanie, Tonga. Poule C : Australie, Fidji, Galles, Géorgie, Portugal. Poule D : Angleterre, Argentine, Chili, Japon, Samoa.





*Coupe du monde de rugby.*

***Rainilita***

Tompondaka eran-tany fibatana fonjamby

# Nahazo medaly indray i Rosinah

Nanomboka tamin'ny 4 septambra teo, ka hifarana amin'ny alahady 17 septambra 2023 ho avy izao, ao amin'ny « Salle du Ministère des Sports » ao amin'ny « Complexe olympique Prince Faisal bin Fahd » any Riyad renivohitr'i Arabie Saoudite , ny fifaninanana fiadiana ny ho tompondaka erantanin'ny taranja fibatana fonjamby, izay hetsika iray amin'ireo roa karakarain'ny IWF « Fédération Internationale d'haltérophilie », natao indrindra hahazoana tapakila fahazoa-miatrika ny Lalao Olympika Paris 2024, mialohan'ny fifaninanana farany hatao any Thaïlande amin'ny volana aprily 2024. Tsy maintsy miatrika an'ity fifaninanana any Riyad ity ny mpifaninana fibatana fonjamby kalaza indrindra manerantany raha te hisitraka ny iray amin'ireo «quotas » miisa 10 isaky ny sokajin-danja olympika amin'ity taranja ity. Nahazo medaly iray indray ankoatra an'ireo medaly volamena azony tamin'ny Lalaon'ny Nosy 2023 ilay mpibata fonjamby Malagasy, Radafiarison Rosina teo amin'ny sokajy -45 kg nandraisany anjara ( 77 kg arraché, 93 kg épaulé jetté : 170 kg total olympique) ka nahavoahosotra azy ho vice championne teo anatrehan'ilay Thaïlandaise, Sirivimon Pramongkhol nahavita nibata : 179kg, arr: 78kg, epj : 101kg ka nahazo ny medaly volamena. Sambany izy nandray anjara tamin'ny fifaninanana eran-tany ka nahazo medaly volafotsy sahady. Amin'ity andron'ny alakamisy 07 septambra ity dia anjaran'ny lehilahy sokajy 67 kg no miakatra an-tsehatra eo amin'ny fifaninanana.



*Radafiarison Rosina any Riyad.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henan'ondry natono** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary tômaty na lasary voatabia miaraka aminy, dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafana amin'ny aretin-tsofina ny sodifafana

Fanafana amin'ny aretin-tsofina ny sodifafana, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Fantaro ary fa rehefa mivoaka nana ilay sofina dia efa gravy ny aretina, ka mety miafara amin'ny tsy fahenoana mihitsy aza.
ZAVATRA-ILAINA : sodifafana :
-FOMBA-FIKARAKARANA AZY :
Alaina ny sodifafana mbola maitso ary atono amin'ny afo mandritra ny 3 minitra fotsiny.
Rehefa vita izay dia avela mangatsiaka izay vao azo ampiasaina.
-FOMBA-FAMPIASANA AZY :
Alaina ny tapaka lamba kely madio sady manify, ka fihazana ao anatiny ilay sodifanana avy natono teo dia araraka ao anaty sofina izay marary ilay ranona sodifafana.
-FAHARETAN'NY FANAOVANA AZY :
Mandritra ny 10 andro misesy dia tokony ho sitrana ny sofina izay narary teo.
-FANAMARIHANA :
Tsy maintsy isaky ny alohan'ny hatory hariva ihany no fampiasana ity fanafody natoraly ity.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Manjakandriana distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Manjakandriana distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Manjakandriana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Mahanoro. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny kafe, ny lavanila, ny dipoavatra. Ny voankazo toy ny manga, ny letchi, ny akondro.



JIOLAHY SY ZANDARY NIFAMPITIFITRA

# Jiolahy miisa 2 no tavela tamin'izany

Nifampitifitra ny jiolahy sy ny zandary afak'omaly hariva teny Fenoarivo Alakamisy Antananarivo Atsimondrano, jiolahy miisa 2 no tavela nandritra izany fifampitifirana izany.
Jiolahy efa mpamerin-keloka ireto voatifitra ireto. Avy any Analavory faritra Itasy any ny iray maty.
Tamin'ny taona 2019: voarohirohy tamin'ny raharaha famonoana mpivarokena (tifitra basy): MD 2 taona izy tamin' izany. Afaka noho ny fisalasalana.
Taona 2022: nampiantrano dahalo, tratra tao antranony ny basy poleta marika CCCP sy bala 5. Voatana vonjimaika ary 5 volana ny sazy azony dia tafavoaka indray.
Taona 2023: niriaria niaraka tamin'ny kalachnikov ry zalahy.
Misy jiolahy iray voatifitra teo amin'ny feny miafina any ho any. Izay hopitaly na mpitsabo mandray azy dia iangaviana hibitsika mangina ny mpitandro filaminana. Ilazana koa izay manana vaovao momba an'io jiolahy maratra io mba hampandre ny Brigady Fenoarivo : tel 034 14 009 56.

*Niaina*



*Ireo jiolahy 2 lavon'ny mpitandro filaminana.*

Laza Razafiarison

# Tsy nirotsaka hofiadana ho filohampirenena indray

Andro maromaro lasa izay dia nilaza fa hirotsaka hofidiana ho filohampirenena i Laza Razafiarison, ary nanambara fa efa feno ny antom-bola ho amin'izany, avy amin'ny malala-tanana samihafa. Efa naparitaka koa ny mombamomba azy rehetra. Omaly anefa dia nilaza indray izy, fa tsy hifaninana ho eny Iavoloha sy Ambohitsorohitra ary ho averiny ny vola izay efa nomen'ireo malala-tanana marobe. Nambarany fa :"araka ny efa fantantsika dia tsy nandrotsaka kandida ny RCR noho ny antony maro efa nazavaina. Averina 100% ireo vola voaray ary ireo nomerao nandefasanao azy no antsoina dia manonona reference ianao ary izahay no miantoka ny saram-pandefasana azy. Misaotra anao matoky ny RCR, fa izahay tsy hanolo-bato mafana ny mpiara-mitolona. Ireo nandefa any amin'ny banky dia averina amin'ny banky. Miala tsiny tompoko ho an'ireo nanantena, fa ny kajy eo an-tanana dia manaporofo fa tsy hitondra any amin'ny fandresena. Mankahery ny ekipa rehetra koa, fa izaho Laza Razafiarison tsy hanao sorona ny ekipa, ka na hita aza fa maloto ny tontolo fanomanana, hita fa manitsaka lalàna ny fanekena kandida tsy manana nationalité Malagasy dia mbola hikiry ihany, ka hilomano ao anaty rano maloto.
Manomboka anio dia haverina 100% ny vola rehetra. Mitohy ny tolona ho amin'ny fanovana rafitra. Maneho fisaorana ho anao nanohana tompoko."

*Stefa*



*Ny mpanao politika Laza Razafiarison.*

Fiarabe nandona bisikileta

# Sahirana ireo mpandeha tsy afa-nihetsika efa ho 3 andro toy ilay fiara

Sahirana ireo mpandeha amin'ny fiarabe iray eny Tanjombato Antananarivo Atsimondrano, nandona bisikileta ity fiarabe ity, ka tsy afa-mihetsika ao nandritra ny 3andro izao, tsy afa-niala tao koa ireo mpandeha efa 3 andro izao.
Efa hateloana ireo mpandeha no mitorevaka eny Tanjombato. Nandona mpitondra bisikileta teny By-pass, akaikin'ny Fatapera, ity taksibrosy ity, ny alahady hariva teo. Namoy ny ainy ilay niharamboina.
Noentin'ny polisy ny mpamily ary tokony hiditra ambalan-tsazy ilay fiarabe. Tokony hipetraka ao antokontanin'ny Pompier Tanjombato, saingy tsy omby ny toerana, ka dia mijanona an-tsisin-dalana.
Efa 3 andro izao, miaramiharitra eo ireo mpandeha. Matory eo, na andro na alina. Ny mampalahelo dia, misy zaza amam-behivavy. Ny famotoran'ny polisy an'ilay mpamilin'izy ireo tsy mbola fantatra ny ho tohiny.
Amin'ny maha olombelona, tsy araka ny tokony ho izy intsony, ny fidiovana sy fivoahan'ireto mpandeha, ka mangataka ny manam-pahefana voakasik'izany hijery ny olan'izy ireo. Ny vatsy rahateo efa miha- lany. Fiarabe tokony ho any Atsimon'ny Nosy izany fiara izany.

*Stefa*



*Ireo mpandeha tamin'ilay fiarabe, tsy hitan'izy ireo izay ho aleha.*


## PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Antsa A.**


Ligue des Champions Malagasy – D2 National 2023

# Any Antsirabe sy Mahajanga no hanaovana ny dingana faha-2



*Ny Kianja Antsirabe.*

Fantatra ireo iray vondrona amin'ny fifaninana baolina kitra « Ligue des Champions Malagasy – D2 National 2023 », dingana faharoa hotanterahina any Mahajanga sy Antsirabe amin'ny 15 hatramin'ny 24 septembre 2023 ho avy izao. Any Mahajanga : FC Zoya Boeny, Kfca Diana, Espoir Betsiboka, 3Fb Alaotra Mangoro, Tgbc Atsinanana, As 3a Amoron'i Mania.
Any Antsirabe : Gjft Betania Atsimo Andrefana, Fc Jsa Level Ihorombe, Fc Jim Androy, Fc Inate Vakinankaratra, Jet Bongolava, As Jfc Atsimo Andrefana.

*Rainilita*


## PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mireille R.**

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**02/09/2023 hatramin'ny 09/09/2023**

**- ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42

**- RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04

**- FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

**- ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17

**- MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1470-09-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FANAHIANA KORONTANA**

# Nasaina nody nialoha ny mpiasan'ny Banky Iraisam-pirenena

Fanahiana korontana omaly, noho ny fanaterana ny antontan-taratasy firotsahan-kofidian'ny filoha Andry Rajoelina, nasaina nody nialoha ny mpiasan'ny Banky Iraisam-pirenena eto Madagasikara. Arak'izany fanambarana izany, manome alàlana ireo mpiasa hirava aloha ny fitantanana ao amin'ny Banky Iraisam-pirenena. Toroina hevitra tsy hanakaiky ny HCC Ambohidahy, ny kianja Mahamasina sy ny faritra manodidina ny birao nasionaly ny omaly tolakandro raha toa tsy ao anatin'ny birao. Ny antony, ''**hanatitra ny filatsahanko fidiany eny amin'ny HCC ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina** ny tolakandro izao amin'ny 03ora.'' Isan'ny antony mahatonga izany raha io voalaza io ny fisian'ny fivoriana politika, ny fitohanan'ny fifamoivoizana ary ny fahitana fa tafika maro no efa miàtrana eny antoerana amin'izao fotoana izao. Namporisika ireo mpiasa hanalavitra ireo toerana voalaza ireo araka izany ny foiben'ny Banky Mondialy eto Antananarivo, ka hitady lalana hafa. Ankoatra izany, nasaina nanomana laharana afaka hiantsoana maika ireo mpiasa, ka hiantso olona azo antoka raha mila fanampiana. Farany, nentanina hanaraka tsy tapaka ny fivoaran'ny toe-drahraha amin'ny alalan'ny fanarahana tsy tapaka ny vaovao ireo mpiasa.

***Stefa***



*Ny foiben-toeran'ny Banky Iraisam-pirenena eto Madagasikara, etsy Anosy.*

Salon des Etudes Sup'

# Ho tanterahana anio sy rahampitso eny amin'ny Akoor Digue




Ho tanterahana anio sy rahampitso eny amin'ny Akoor Digue Andohatapenaka, ny hetsika ara-panabeazana torolalana ho an'ireo vao afaka bakalorea teo, ny amin'ny hanohizan'izy ireo fianarana eny amin'ny ambaratonga ambony dia ny hetsika Salon des Etudes Sup' andiany faha-20 izany. Mpikarakara izao hetsika izao ny Mada Jeune, toeram-pampianarana ambony miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana maro no handray anjara amin'izany hetsika izany, hanampy ireo mpianatra vao afaka bacc, amin'ny lalana tokony halehany amin'ny fampianarana eny amin'ny Oniversite, na any amin'ireo ivontoeram-pampianarana ambony samihafa, na ho amin'ny tontolon'ny asa ihany koa. Anisan'ny hampiranty amin'izany ny Cnam, na ny Conservatoire National des Arts et Métiers, izay Oniversite Frantsay, mamoaka diplaomam-panjakana Frantsay, ao amin'ny Stand C amin'ity hetsika ity.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 442**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0441)

***Mitsivalana***
- Bibilava
- Loza (miv) – siv(y)
- Raraka
- BV
- Antitra
- Ireo – ST
- Mafy (miv) – Fia

***Mitsangana***
- Barea
- Iza – Nif(y)
- Boritra
- Ila – Mey (miv)
- Koto
- Asa
- Vy – Basy
- Vava (miv) – Ta

### TENY MIFANAPAKA N° 442




**Mitsivalana**

**1.** Toeram-pamokarana **2.** Naoty – Haingo mihaja **3.** Voaray – Làlam-pirenena **4.** Fiandohan'ny rivotra – Tapakila mahazo loka **5.** Miaraka amin'ny fanoto (miv) – Enti-milaza **6.** Manome, manolotra vola – Paositra Malagasy **7.** Manazava ny tranonay **8.** Olo-masina – Tovona (miv) **9.** Ohatra – Tsofoka fanitarana – Omby **10.** Asehonay eny ivelany

**Mitsangana**

**A.** Voamaina **B.** Alina – Hekitara **D.** Alindrano **E.** Isa Romana – Tsarovy **F.** Nomena **G.** Faran-teny – Entina manontany (miv) **H.** Maharitra – Hatsiaka **I.** Solfa – Teny ratsy – Hita amin'ny trano sy tany **J.** Litera tsy mitovy – Ilaina, irina **K.** Seho (miv) – Kila firehitra

### Valiny Teny mifanaraka 0441

**Mitsivalana**

**1.** Fanomezana **2.** Osy - Inona **3.** Katolika **4.** Akany - MD **5.** Nay - Maody **6.** Ianao (miv) - Lahy **7.** Naoty **8.** Alimo (miv) - Nino **9.** Nono - Fa - Ar **10.** Ara - Zo - Ony

**Mitsangana**

**A** Fokonolona **B.** Asa - AA - Mor(a) **D.** Nitaingina **E.** OK - Lo **F.** Milamina **G.** Enina - Fo **H.** Zokiolona **I.** Ana - Daty **J.** Na - Mihinan(a) **K.** TD - Ory

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaova

Njaka

**Ny filoha Ravalomanana, niantsena sy nitafatafa tamin'ny vahoaka, tao amin'ny tsenan'i Talata Volonondry Antananarivo Avaradrano ny talata lasa teo.**















